



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA  
Fivonana - Tanindrazana - Fandrosoana



**REPOBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA TSY ARA-POTOANA VOALOHANY  
TAONA 2019**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

**FITANANA AN-TSORATRA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA FAHA-8 EX

**LANONAM-PANOKAFANA NY FOTOAM-PIVORIANA  
TSY ARA-POTOANA VOALOHAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA,  
TAONA 2019**

Fivoriana Voalohany  
Natao ny  
Alatsianiny 12 Aogositra 2019  
- Atoandro -

## **FIVORIAMBE**

**FILOHA:** Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

**MPITANTSORATRA:** Andriamatoa isany: - RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle  
- RABENIRINA Jean Jacques

**FOTOANA:** Alatsinainy 12 Aogositra 2019 tamin'ny 11 ora sy 25 minitra, atoandro.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Lanonam-panokafana ny fotoam-pivoriana tsy ara-potoana voalohan'ny Antenimierampirenena, taona 2019.

- Lakolosy -

- 1 -

**- Fitohizan'ny fivoriana -**

### **Ramatoa FILOHA**

Tompokolahy sy Tompokovavy;

Miarahaba antsika tonga manatrika izao fotoam-panokafana ny fotoam-pivoriana tsy ara-potoana voalohan'ny Antenimierampirenena taona 2019 izao.

Izao dia iangaviana ny Mpitantsoratra, hamaky ny andininy faha-76 ao amin'ny Lalàmpanorenana sy ny Didim-panjakana laharana faha-2019-1415 tamin'ny Alakamisy faha-25 Jolay 2019, izay miantso izao fivoriana tsy ara-potoanan'ny Antenimierampirenena izao.

- 2 -

**- Famakiana ny andininy faha-76 ao amin'ny Lalàmpanorenana sy ny Didim-panjakana laharana faha-2019-1415 -**

### **Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle**

Famakiana ny andininy faha-76 ao amin'ny Lalàmpanorenana mikasika ny fotoam-pivoriana tsy ara-potoanan'ny Parlemanta sy ny Didim-panjakana laharana faha-2019-1415 tamin'ny Alakamisy faha-25 Jolay 2019, miantso ny Antenimierampirenena hivory tsy ara-potoana.

Andininy faha-76 ao amin'ny Lalàmpanorenana:

Mivory tsy ara-potoana araka ny lahadinika voafaritra ny Antenimierampirenena noho ny fitarihan'ny Praiminitra, na noho ny fangatahan'ny antsasa-manilan'ny mpikambana ao amin'ny Antenimierampirenena araka ny didim-panjakana noraisin'ny Filohan'ny Repoblika teo amin'ny Filankevitry ny Minisitra.

Tsy mihoatra ny roa ambin'ny folo andro ny faharetan'ny fotoam-pivoriana. Na izany aza anefa, raha vantany vao tapitra ny lahadinika izay niantsoana ny Antenimierampirenena dia faranana amin'ny alalan'ny didim-panjakana ny fivoriana.

Didim-panjakana laharana faha-2019-1415 «portant convocation de l'Assemblée Nationale en session extraordinaire».

**LE PRESIDENT DE LA REPUBLIQUE,**

Vu la Constitution, notamment en ses articles 76 et 99

Vu le décret n°2019-1407 du 19 juillet 2019 portant nomination du Premier Ministre, Chef du Gouvernement;

Vu le décret n°2019-1410 du 24 juillet 2019 portant nomination des Membres du Gouvernement;

A la demande de quatre-vingt députés,

Sur proposition du Premier Ministre, Chef du Gouvernement,  
En Conseil des Ministres,

**DECRETE:**

**Article premier.-** En application des dispositions des articles 76 et 99 de la Constitution, le Parlement est convoqué en session extraordinaire à partir du Lundi 12 août 2019.

**Article 2.-** La durée de la session extraordinaire ne peut excéder douze (12) jours.

**Article 3.-** L'ordre du jour de la session extraordinaire comprend:

- l'amendement du règlement intérieur de l'Assemblée Nationale
- l'examen de la Proposition de loi sur l'opposition
- la Présentation du programme de mise en œuvre de la Politique Générale de l'Etat

**Article 4.-** En raison de l'urgence et conformément aux dispositions des articles 4 et 6 alinéa 2 de l'ordonnance n°62-041 du 19 septembre 1962 relative aux dispositions générales de droit interne et de droit international privé, le présent décret entre immédiatement en vigueur dès sa publication par voie radiodiffusée ou télévisée, indépendamment de son insertion au journal officiel de la République.

**Article 5.-** Le Ministre de l'Economie et des Finances, le Ministre de l'Intérieur et de la Décentralisation et le Ministre de la Communication et de la Culture sont chargés chacun en ce qui le concerne, de l'exécution du présent décret qui sera enregistré et porté au Journal Officiel de la République.

Fait à Antananarivo le 25 Juillet 2019

Par le Président de la République,

**Andry RAJOELINA**

**- Kabary nataon-dRamatoa Filohan'ny Antenimierampirenena -**

**Ramatoa FILOHA**

Misaotra Tompoko.

Andriamatoa Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta;  
 Andriamatoa Filoha Lefitry ny Antenimierandoholona, misolotena ny Filohan'ny Antenimierandoholona;  
 Andriamatoa Filohan'ny Filankevitra Ambony miaro ny Demokrasia sy ny Tany Tan-dalàna;  
 Andriamatoa Filoha Lefitry ny Komitin'ny Fampihavanana Malagasy;  
 Andriamatoa Filoha Lefitry ny Vaomieram-pirenena miaro ny Zon'olombelona;  
 Andriamatoa sy Ramatoa isany mpikambana ato amin'ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena;  
 Andriamatoa sy Ramatoa isany mpikambana ao amin'ny Govenemanta;  
 Andriamatoa sy Ramatoa Solombavambahoakan'i Madagasikara, namana hajaina;  
 Ianareo olo-manan-kaja ambony Sivily sy Miaramila izay manatrika etoana;  
 Ianareo Mpandraharaha namana mpiara-miasa ato amin'ny Antenimierampirenena;  
 Ianareo mpanao gazety avy amin'ny haino aman-jery samihafa vory lanona etoana;

Tompokolahy sy Tompokovavy.

Fa Antongona sy Manjakamiadana, hono, mifampitsinjo tsy mifanatona. Samy ajaridin'ny andrin-taniny; samy maitso mavan'ny anjavidiny. Ny Volana koa etsy andaniny, Ra-Masoandro etsy ankilany; samy tompon'ny hazavàna, nefa tsy hiray làlana na oviana na oviana; fa isika kosa ry lahy, mifanotrona samy liana; mifanatrika samy mahatsapa fa ny adidy ifanakonana, ny asa valin-tànana. Koa isika rehetra miaraka no fahombiazana.

Koa isaorana ianareo vahiny manan-kaja rehetra manemitra ny trano, mitoetra amin-kaja, tonga manotrona eto anio. Ny tompon-trano rahateo dia isika Solombavambahoaka izany, izay varivariny andrian'ny tafony; tonga maro mavitrika arahim-pahavononana hiatrika ny asa hatao eto; ka harahabaina koa ianareo rehetra ary isaorana mitafotafo.

Koa inona moa no aroso ho mari-panajana anareo afa-tsy ny laha-teny maivamaivana sy laha-kabary maivamaivana, ho mariky ny fahatongavanareo. Koa raiso am-pitiavana, Tompoko, fa sitraky ny mpanolotra izany.

Tompokolahy sy Tompokovavy.

Ry Solombavambahoaka namana isany;

Araka ny efa nampiomana antsika dia nandrasana izao fiantsoana fotoam-pivoriana tsy ara-potoana izao ary rehefa dinihana koa ity Didim-panjakana miantso antsika ity dia isika ihany no tompon'ny ampahany betsaka amin'ny lahadinika voarakitra ao anatiny.

- Ao ohatra ny fanatsarana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena na ny "Règlement Intérieur";
- ao koa ny fandinihana ny Tolo-dalàna avy amin'ny namantsika Solombavambahoaka ihany;

- ary farany, ny fanoloran'ny Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta ny fandaharanasan'ny Governemanta miainga amin'ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana na ny PGE.

Raha aravona ireo Lahadinika roa voalohany ireo dia samy mifantoka amin'ny fanatsarana sy fanavaozana avokoa, mba hifanaraka amin'ny zava-misy ankehitriny; na ny "Règlement Intérieur" izany na ny "Proposition de loi" mikasika ny fanoherana.

Raha ny momba ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena ohatra dia fotoana izao ary samy miaiky ny rehetra, fa maro ny zavatra tokony hahitsy sy hatsaraina ao anatin'ny. Ankoatr'ireo tsy firindrana ara-teknika voarakitra ao amin'ny andininy sasantsasany dia tonga ny fotoana izay tokony hampifanarahana azy amin'ny tanjona izay hotratrarina miaraka amin'ity fotoam-piasana misy antsika ity; dia ny famerenana ny hasin'ny Antenimierampirenena izany. Teny natao ambatolampy mantsy ireny, ka vavolombelona aby isika rehetra manatrika eto izao.

Ao anatin'izany ny fametrahana ny fangaraharana amin'ireo asa atao ato amin'ity Lapa ity, ny fanajana ireo Lalàna sy Didim-panjakana ary Didim-pitondrana isan-tokony. Tsy azo atao ambanin-javatra koa ny fitsinjovana mandrakariva ny tamberin'andraikitsika Solombavambahoaka, sns...

Ireo foto-kevi-dehibe mibaiko antsika ireo dia tokony ho hita taratra amin'ny Fitsipika Anaty izay hasiantsika fanatsarana ankehitriny, mba ho iray petsapetsa amin'izay ny lakana sy ny fivoy, ka ho tody milamina tsara.

Raha mikasika ny lahadinika faharoa indray dia mila mailo sy mitandrina tanteraka isika satria zava-dehibe loatra izy io eo amin'ny fiainana ara-politika sy ara-demokratika eto amin'ny Firenena. Efa ambetin-teny fandre matetika tato ho ato ny momba azy io. Aty amintsika Solombavambahoka ankehitriny ny mason'ny maro amin'ny ho avin'io lalàna io dia ny lalàna mitondra ny laharana faha-2011-013 tamin'ny 9 Septambra 2011 izany, momba ny satan'ny mpanohatra sy ny fanoherana. Tolo-dalàna na "proposition de loi" avy aty amintsika Solombavambahoaka no hanova ny andininy sasantsasany amin'io lalàna io, ka mametraka andraikitra mankadiry amin'ny Antenimierampirenena izany.

Efa azo sary an-tsaina sahady fa hafonja ny adihevitra mikasik'azy io ety Tsimbazaza ary mazava ho azy fa mbola handalo any amin'ny Antenimerandoholona koa izany tolo-dalàna izany.

Ny irariana dia mba ho adihevitra parlemantera tokoa no hisy ka ny fanapahan-kevitra horaisina amin'izany dia ny tombotsoam-pirenena irery ihany. Aza hadinoina koa fa hiteraka rantsana tsy afa-misaraka aman-taho amin'ny rafitra ato amin'ny Antenimierampirenena io lalàna io; araka ny andininy faha-78, andalana faha-2 ao amin'ny Lalàmpanorenana. Tsy maintsy hibaiko antsika amin'izany ny foto-kevitra araka ny Soatoavina parlemantera na ny "culture parlementaire" ary "débat démocratique parlementaire".

Ny mikasika ny lahadinika fahatelo farany dia ny fanoloran'ny Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta ny fandaharanasan'ny Governemanta, miainga amin'ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana.

Programana na fandaharanasa hotanterahina moa no hovelabelarina eto amin'io fotoana io.

Koa ny fangatahanay Solombavambahoaka, Andriamatoa Praiminisitra, tsara raha somary miditra lalindalina na amin'ny antsipiriany amin'ireo tetikasa izay hatao ary miaraka amin'ny maridrefy izany.

- Tehaka -

Fangatahana ny anay, Tompoko, mba ahafahanay Solombavambahoaka mandrefy mazava tsara ny zava-bitan'ny Governemanta rehefa tonga ny fotoana ifanomezana amin'ny manaraka ary indrindra mba ho fanajanay ny fanatanterahana ny andininy faha-68 ao amin'ny Lalàmpanorenana izay tafiditra koa amin'ny vinanay hamerenana ny hasin'ny Antenimierampirenena.

Raha atao bango tokana, tsara raha mba marihinareo ny nanombohanareo ny asanareo sy ny fizotran'izany, ny tanjona ary ny fe-potoana anatanterahana azy satria isika Solombavambahoaka dia omen'ny Lalàmpanorenana fahefana ny fizotran'ny politika sy ny raharaham-pirenena.

- Tehaka -

Tompokolahy sy Tompokovavy.

Izay angamba no tafa, izay no dinika. Izay tsy efa anio, mbola andro koa ny ampitso. Roambinifolo andro isika mbola hikaon-doha eto amin'ny asa miandry; koa manantena ny fahavitrihana avy amintsika Solombavambahoaka. Tsy amin'ny fivoriambe ihany no ilàna izay fahavitrihana izay, fa mandritra ny asam-baomiera ihany koa. Manainga antsika Solombavambahoaka satria lahadinika avy amintsika no ankamaroany, koa samy havitrika isika handray anjara any amin'ny asam-baomiera. Manantena antsika ho tonga; indrindra mandritra io asam-baomiera io, no anentanana antsika, tsy hisalasala hiantso ny tolo-tànan'ireo teknisiana na ireo olona afaka manome tolo-kevitra satria ilaintsika izany na ny "personne ressource" noho ny traikafa ananany mba ahafahana manapakevitra ao anatin'ny fahalalana ny lalàna atolotsika sy ny fahazavan'izany tanteraka, sanatria isika hanangan-tànana kanefa tsy mazava amintsika ny votoatiny.

Eto aho dia mamerina ny fisaorana ho anareo rehetra vahiny manan-kaja tamin'ny fanotronana. Henin-kaja, Tompoko, henim-boninahitra ity Andrimpanjakana misy anay ity amin'izao fahatongavanareo izao, koa mankasitraka indrindra, satria tonga ianareo raha niantso izahay, tsy nahafotsy rora anay ianareo.

Misaotra, indrindra Tompoko.

Mankasitraka Tompokolahy.

Mankatolina Tompokovavy.

Tompokolahy sy Tompokovavy, ambarako àry fa misokatra ny fotoam-pivoriana tsy arapotoana voalohan'ny Antenimierampirenena.

- 4 -

**- Fampahafantarana an'Andriamatoa Sekretera Jeneralin'ny Antenimierampirenena -****Ramatoa FILOHA**

Alohan'ny tena hiatoan'ny fivoriana, tiako ny mampahafantatra antsika rehetra, fa Andriamatoa RANDRIAMAHAFANJARY Calvin, «Conseiller des Services de l'Assemblée Nationale de classe exceptionnelle» no voatendry ho Sekretera Jeneralin'ny Antenimierampirenena manomboka izao araka ny tapaka teo anivon'ny Birao Maharitra.

Miangavy anao, Andriamatoa Sekretera Jeneraly, hijoro eto aloha ho hitan'ny Solombavambahoaka sy ireo vahiny manan-kaja, ny mpanao gazety, ny mpiasa ato amin'ny Antenimierampirenena manatrika izao fotoana izao

- Tehaka -

Koa faly miarahaba anao izahay ary mirary anao hahavita be amin'ny adidy aman'andraikitra izay hosahaninao eto amin'ny Antenimierampirenena. Efa manana traikefa ianao ka tsy hanano sarotra amin'izany, fa hanampy anay Solombavambahoaka izay mbola tsy manana traikefa.

- 5 -

**- Fiatoan'ny fivoriana -****Ramatoa FILOHA**

Mialohan'ny hiatoan'ny fivoriana, tiako ny mampahafantatra antsika, fa rahampitso Talata 13 Aogositra 2019, amin'ny 10 ora, maraina; hisy ny fivorian'ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra, hatao ao amin'ny "salle BP"; amin'ny 11 ora, maraina, ny "Conférence des Présidents" handinika ny ho fandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena amin'ity fotoam-pivoriana tsy ara-potoana ity raha tsy misy fiovàna satria teritery ihany ny fotoanantsika, hatreto aloha mbola izay no programa. Amin'ny 3 ora, tolak'andro, ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra mikasika izany volavolam-pandaharam-potoana izany

Miato hatreo ny fivoriantika.

Misaotra Tompokolahy.

Mankasitraka Tompokovavy.

Niato tamin'ny 11 ora sy 50 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.

- Lakolosy -



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona